“Tsy hiditra any amin’ny paradisa ianareo raha tsy mino, ary tsy hino ianareo raha tsy mifankatia, moa tsy holazaiko zavatra iray ve ianareo ka raha manao izany ianareo dia hifankatia? Aparitaho ny fiarahabana eo aminareo

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ṣ.A.W) manao hoe : “Tsy hiditra any amin’ny paradisa ianareo raha tsy mino, ary tsy hino ianareo raha tsy mifankatia, moa tsy holazaiko zavatra iray ve ianareo ka raha manao izany ianareo dia hifankatia? Aparitaho ny fiarahabana eo aminareo".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nohazavain'ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy hiditra ny Paradisa raha tsy ireo mpino ihany, ary tsy ho feno ny finoana ary tsy mihatsara ny fiarahamonina silamo raha tsy mifankatia samy izy ireo. Dia notarihin'ny Mpaminany (S.A.W) ho amin'ny zavatra tsara indrindra izay hampanjaka ny fitiavana, dia ny fampielezana fifampiarahabana (salamo) eo amin'ny samy mpino silamo, izay nataon'Allah ho fiarahabana amin'ireo mpanompony.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3361